
# ALAHADY FAHA 20 MANDAVANTAONA – A 2023



*NY OLOMBELONA REHETRA NO KENDREN'ANDRIAMANITRA*
*HIDITRA AO AMIN'NY FANJAKANY*

Ry Kristianina havana, raha nibanjina an'i Masina Maria nampakarina amim-boninahitra vatana sy fanahy any an-danitra isika tamin'ny 15 aogositra lasa teo ary dia faly sy ravo satria nisy havantsika tafita. Izany koa ny miandry antsika raha miombona amin'Andriamanitra isika, raha mivelona tahaka ny niveloman'i Masina Maria ny finoana ary izy no ohatra voalohany ho antsika amin'ny fiombonam-po tanteraka amin'i Kristy.

Vanim-potoana lehibe ho antsika ihany koa iny 15 Août satria nanamasinana an'ireo Zanatsika telo mirahalahy. Niaraka tamin'I Maria izy ireo nanao "ENY". Fantatsika ny "eny'n'I Masina Maria. Nanao "eny" tamin'ny filazan'ny Arkanjely Gabriely izy ary tsy "eny" indray mandeha fa isan-teteky hatramin'ny teo am-pototry ny hazofijaliana. Satria ny "eny" dia fiombonam-piainana tanteraka tamin'I Jesoa Zanany. Ahoana ny fisehoan'izay "eny" izay? Tahaka ny an'I Jesoa tamin'ny fanompoana. Izany no nataon'I Maria rehefa avy nandray ny filazan'ny Arkanjely lasa nandeha namangy an'I Mb Elizabeta ary nipetraka tany "nanompo" ny rahavaviny. Izany ihany koa no miandry an'ireo vao nohamasinina izany hoe "miombom-piainana" amin'I Jesoa ka zary Tabernakla velona.

| |
|---|
| Vakiteny I : Iz. 56, 1. 6-7<br>Tononkira : Salamo 8<br>Vakiteny II : Rom 11, 13-15. 29-32<br>Evanjely : Mt. 15, 21-28 |

Amin'izao Alahady faha-20 mandavantaona izao dia azo lazaina fa mbola manohy an'izany fifaliana sy firavoana izany isika satria ireo vakiteny izay aroson'ny Eglizy androany dia handalinantsika ny finoana ka hahatonga antsika Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika dia ny fiainana ilay toetra lehibe anankiray izay hita ao amin'i Masina Maria ka asongadin'ireo vakiteny telo ireo ka mahatonga hafaliana sy fanantenana ho antsika satria ny olombelona rehetra no kendren'Andriamanitra hiditra ao amin'ny fanjakany.

Raha nahary antsika tokoa manko Andriamanitra dia nahary antsika hitovy endrika Aminy, ka

ny vocationtsika dia ho sambatra miaraka Aminy. Ny voninahitr'Andriamanitra dia isika ho velona sy sambatra miaraka Aminy. Izany tokoa no tian'ny Eglizy amin'ny alalan'ireo vakiteny telo aroso amintsika sy halalinintsika amin'izao Alahady faha-20 mandavantaona izao.

Amin'ny vakiteny voalohany Izaia 56, amin'ny fizarana fahatelo rehefa miverina tokoa ny vahoakan'Andriamanitra voasesitany avy any Babilona ho an'ny Jerosalema, nanovo hafaliana sy fanantenana satria nifikitra amin'ny Tompo. Ny famonjena sy ny fahamarinana dia ho an'ny vahoaka tokoa raha mifikitra amin'ny Tompo, fampianarana lehibe aroso amintsika izany.
Raha tiantsika ny hiombona amin'i Masina Maria amin'ny voninahitr'Andriamanitra ao amin'ny voninahitry ny Trinite masina dia mananatra antsika Izaia mpaminany tahaka ny nananarany ny vahoaka tamin'ny androny : *"Tandremo ny hitsiny ary araho ny rariny, fa efa akaiky ny famonjeko, ary efa hiseho ny fahamarinako. Ary ny hafa firenena izay mifikitra amin'ny Tompo: mba hanompo Azy sy ho tia ny Anarany, ary ho mpanompony; izay rehetra mitandrina ny sabata fa tsy mandika azy, sy miraikitra mafy amin'ny fanekeko, dia hoentiko ao an-tendrombohitro masina, sy hampifaliako ao an-tranoko fivavahana, hankasitrahina eo ambony ótely ny sorony dorana aman- tsorony: fa ny tranoko hatao hoe: "Trano fivavahana ho an'ny firenena rehetra".*

Mbola tena manana ny akon'izany tenin'Izaia Mpaminany izany raha mijery ny zava-misy iainantsika amin'izao. Inona tokoa moa ny mahatonga ny fijaliana sy ny fahoriana iainantsika izao? Maninona miaina izao krizy izao isika. Tsy voatandrina intsony ny rariny sy ny hitsiny. Lainga fitaka no manjaka ka zary korontana ny fiainantsika. Mila mibebaka isika izany hoe mametraka an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika izany hoe manao ny marina, mifanaja, mifamela heloka, mampanjaka ny famindrampo. Averina matetika ny fahatoniana ary tena ilaina mba hialana amin'ny herisetra tsy misy farany. Tsy hahita fampitoniana isika raha tsy mifanaja ary izay manana fahefana no tsy maintsy mietry ka manatona ahafahana mifanakalo hevitra. Mila volena ny kolontsain'ny fifanakalozan-kevitra hoy ny Papa. Il faut cultiver le dialogue. Raha miresaka voly dia midika fa tsy maintsy maty ny voa afafy vao mitsiry. Izany hoe tsy maintsy maty ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny fialonana, ny lainga ... raha tiana hitsiry ny fampitoniana mitondra amin'ny fifanakalozan-kevitra ahafahana manorina fiaraha-miaina manaja ny rariny sy hitsiny, mikatsaka ny soa iombonana. Izany indrindra ny ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA.

Inona àry ny toetra tokony ananantsika ho entintsika miroso amin'ny maha EOV ZARY ABERNAKLA antsika, ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika ? dia ilay toetra ambaran'ny Evanjely, toetran'ilay vehivavy kananeanina izay fantatsika fa tsy anisan'ny vahoaka jody fa nahatoky feno fanetren-tena ary tao anatin'ny faharetana ka nampitolagaga an'i Jesoa ny finoany.

Antitranterin'i Jesoa fa lehibe ny finoan'ilay ravehivavy ka nilaza izy hoe aoka ho tanteraka aminao araka ny fanirianao.

Ry Kristianina havana, ny finoana izay midika fitokisana amin'Andriamanitra, izay nahatonga

an'ity vehivavy kananeanina ity  na dia voahilikilika aza fa noho ny finoana dia nahasahy nijoro nanambara izany tamin'i Jesoa izy : *"Fa nanatona ihany ravehivavy ka niankohoka teo anatrehany, ary nanao hoe: "Tompo o, vonjeo aho!" Nefa novaliany hoe: "Tsy mety raha ny mofon-jaza no alaina ka atsipy ho an'ny amboa".* Tsy nanda ny fampianaran'i Jesoa ravehivavy fa noho ny fahasahiany dia hoy izy: *"Marina izany, Tompoko, nefa ny amboakely mba mihinana ny sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabatry ny tompony ihany".*

Tsy misaraka amin'ny finoana ny fahasahiana satria manambara martiry vavolombelona, nampitolagaga an'i Jesoa ny valin-tenin'ilay vehivavy, fantatr'i Jesoa izany saingy tiany ny hampibaribary amintsika fa natao ho an'olona rehetra ny finoana fa tsy ho an'olona vitsivitsy fotsiny.

Raha mandray ny fanomezan'Andriamanitra isika ka mamaly azy dia izany ny finoana ry Kristianina havana sy ho antsika rehetra mitandregny na mamaky izao fampianarana izao : fantaro fa fanomezan'Andriamanitra ny finoana, izay no italahoantsika azy,  ireo Apostoly aza izay tena akaiky tamin'i Jesoa isan'andro mbola nilaza hoe : ampitomboy ny finoanay, mainka va isika ? Izany finoana mitombo toy ny lalivay mampitombo ny fiainantsika izany dia fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro izay ezahintsika tratrarina amin’izao Sinaody faha-7 izao. Mino sy matoky isika fa ity vehivavy voalaza amin'ny Evanjely ity raha sahy nanatona an'i Jesoa dia efa nahay nampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro satria tsy misaraka ny finoana sy ny fanetren-tena izay hita miharihary tamin'ny toetran'ilay vehivavy, nahafoy tanteraka izy. Izany no nanomezan'i Jesoa azy ny fahasoavana : *"Dia namaly i Jesoa ka nanao taminy hoe: "Ravehivavy, lehibe ny finoanao, aoka ho tanteraka aminao araka izay irinao". Dia sitrana tamin'izany ora izany ihany ny zanany vavy”.*
Aoka àry ho tsapantsika fa ny finoana marina izay fanomezan’Andriamanitra ka tsy maintsy angatahina dia miandry valy avy amintsika. Izany hoe tsy maintsy mivelona manatanteraka ny sitrapon’Andriamanitra. Hoy Maria namaly ny Arkanjely Gabriely : Inty aho ankizivavin’ny Tompo aoka ho tanteraka amiko araka ny sitrapon’Andriamanitra? Tsy inona ny dikan’izany fa manao ny asan’Andriamanitra isika ka Andriamanitra manao ny asantsika. Raha lazaina amin’ny teny hafa dia  mampitraotra ny atao sy ny finoana.
Inona ny vokatr’izany? Manasitrana antsika ny finoantsika, inona moa ny fanasitranana ? Ny fiombonana amin'Andriamanitra, izany no fanasitranana noraisin'ity fianakaviana iray ity dia ilay vehivavy sy ny zanany, nilamina ny fiainana, sitrana ny zanany, ao anaty fiadanan'Andriamanitra izy.
Izany koa ny faniriantsika, mba ho ao anatin'ny fiadanana sy ny filaminana koa ny eglizy kelintsika, dia ny fianakaviantsika, ny fiaraha-monintsika, ny firenentsika ary ny tanindrazantsika.

Antitranterin'i Md Paoly fa raha monina ao amin'ny fiadanan'i Kristy isika, raha mifikitra amin'ny finoana isika dia omen'Andriamanitra ny famindrampony.

Samy nomen'Andriamanitra ny famindrampony avokoa izy ireo, natao ho an'olon-drehetra ny finoana sy ny famonjena. Ny lahatr'Andriamanitra dia isika hiadana ao Aminy ka iriny hiditra ao amin'ny fanjakany isika rehetra.

Enga anie hiroso lalindalina kokoa isika amin'ny finoana, ho sahy hijoro vavolombelona isika

eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Hivavaka manokana ho an’ireo pretra vao nohamasinina sy ireo pretra rehetra. Hivavaka isika ho an’izao Sinaody izao mba ho tena sehatra, ho toerana hanaovantsika experience, traikefa ka samy hifanojo amin’I Jesoa tahaka ilay vehivavy amin’ny Evanjely ka samy hahita fanasitranana.

Ry Jesoa Tompo o, antitranterinao amin'ny fanaovanao famantarana lehibe mikasika ani'ty vehivavy kananeanina ity fa tianao ho eo anivonao tokoa izahay, nokendrenao ho iray fianakaviana aminao izahay, enga anie ny famindram-ponao hanenika ny fiainanay manontolo hahafahanay hiroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny finoana.

Hitanao ry Jesoa zokinay ny ezaka ataon'ny Eglizy amin'izao andro misy fanenjehana ny Eglizy izao, hitanao ny ataon'ny Papa, ny ataon'ireo Kristianina tsotra ihany koa, ny niainan’ireo tanora marobe tany Lisbonne fa tsy manana tahotra mampiseho ny finoana izy ireo, koa enga anie hiasa izahay hanasoa an'ireo manodidina anay, ho tanteraka tokoa ireo nofinofinay tamin'ny JMJ ka ho taranaka mpanorina izahay fa tsy mpandrava ary ho sambatra izahay satria handova ny tany Tranobe iombonana dia ny tany onenanay ity. Masina Maria Reny mitalahoa ho anay mba ho “eny“ koa ny fiainanay ka ho Tabernakla velona izahay. Md Josefa Mpiaro ny Eglizy arovy ny fianakaviana izay misedra zavatra mafy ankehitriny tahaka ny Fianakaviana Masina niatrika ny fanenjehen’I Heroda. Tsy afenina fa mbola maro ny Heroda mandripaka amin’izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson